

DEREK PRINCE
MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Eo Am-panorenana

Andeha isika handroso ho amin'ny fahamatorana.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra Dries Du Plessis Derek Prince

Nanao famatsiana manokana hahatratrarana ny fahamatorana ara-panahy Andriamanitra, izay nosoratan’i Paoly ao amin’ny Efesiana 4:11:

> "Ary [Ilay Kristy nitsangana tamin'ny maty] Izy no nanome ny sasany ho Apostoly, ary ny sasany ho mpaminany, ary ny sasany ho evanjelista, ary ny sasany ho mpiandry sy mpampianatra"

Asa fanompoana dimy lehibe no voalaza ato amin'ity andininy ity:

- Apostoly
- Mpaminany
- Evanjelista
- Mpiandry
- Mpampianatra

Milaza amintsika ny tanjony ireto andininy manaraka ireto:

> "Ho fanatanterahana ny olona masina, ho amin’ny asan’ny fanompoana amin’ny fiangonana, ho amin’ny fampandrosoana ny tenan’i Kristy, mandra-pahatongantsika rehetra ho amin’ny firaisan’ny finoana sy ny fahalalana tsara ny Zanak’Andriamanitra, ka ho lehilahy lehibe, mahatratra ny ohatry ny halehiben’ny fahafenoan’i Kristy.” (andininy 12–13)

Ity andalana ity dia milaza tanjona roa ho an'ireo asa fanompoana samihafa ireo. Ny voalohany dia ny manomana antsika ho amin’ny asa fanompoana. Tsy afaka manao ho azy ny asa andrasana amintsika isika; tsy maintsy miomana isika, na miofana. Eo ireo asa fanompoana dimy ireo hampiofana antsika.

Ny tanjona faharoa dia ny fananganana ny tenan'i Kristy. Ireo asa fanompoana ireo dia napetraka ao anatin’ny tenan’i

Kristy mba hitondra antsika ho amin’ny firaisan’ny finoana sy ny fahamatorana. Jesosy Kristy, Lohan’ny fiangonana, no nanome ireo asa fanompoana ireo, ary mino aho fa tsy ho tonga amin’ny fahamatorana mihitsy ny olon’Andriamanitra raha tsy misy azy ireo. Notohizan’i Paoly toy izao, “Izy no [Kristy] itomboan’ny tena rehetra izay hakambana sy hampiraisina tsara noho ny fifanompoan’ny isan-tonony, araka ny fiàsan’izay rehetra momba azy amin’izay mety ho anjara- asany avy ka hampandrosoany ny tenany amin’ny fitiavana..” (andininy 16).

Ny tanjona faratampony dia tsy ny fisarahana maro, mitoka-monina, samy manao ny azy avy. Fa kosa, ny tanjona dia vatana iray, apiraisin’ny mpampitohy taolana — famatorana mafy izay mampitambatra ireo faritra samihafa, izay manangana ny vatana mba hahafahany mitombo. Tena ilaina manao ny asany ny faritra tsirairay amin'ny vatana.

Misaotra Anao, Tompo ô, fa lanao no nitarika ahy handroso. Manambara aho fa ny tanjon’Andriamanitra dia ny hanomana ny Olony ho amin’ny asa fanompoana araka ny fanaovan’ny rantsam-batana tsirairay ny asany. Hiroso amin'ny fahamatorana aho,amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

© 2008 - Dries Du Plessis

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-311-MLG

Nohavaozina farany: 16 Nov 2026

Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

